# Andro Fiaraha-mivavaka
# sy Fifadian-kanina Isan-telovolana

## *Miomana Ho Amin'ny Toe-Javatra Farany*
## *Sy*
## *Ny Fihavian'i  Jesosy Tsy Ho Ela:*

## *Antsoina Hanompo*

Boky Tari-dàlana sy Tahirin-kevitra

Telovolana faha-4    Taona 2024

Sabata 5 Oktobra 2024

*Nosoratan'i Dr Pavel Goia*

## Antsoina Mba Hanompo

Ho avy tsy ho ela Jesosy, tena tsy ho ela ary tsy maintsy ho vonona isika. Vonona ve ianao? Ahoana no fomba hiomanana mba ho vonona?

Isaky ny telo volana isika dia nijery ny iray amin'ireo fitsipika efatra lehibe indrindra amin'ny fiomanana: mivavaka, mianatra ny Tenin'Andriamanitra, miambina, ary manompo. Tamin'ny telovolana voalohany dia nifantoka tamin'ny vavaka isika. Tamin'ny telovolana faharoa, dia nifantoka tamin'ny Teny isika. Ny telovolana fahatelo, dia notsindriantsika ny dikan'ny hoe miambina. Ankehitriny isika dia hifantoka amin'ny fanompoana.

Tanteraka eo anoloan'ny masontsika ireo faminaniana. Tonga eo amin'ny toe-javatra farany isika izao. "Efa mby akaikin'ny fotoan-tsarotra faran'izay goavana mahavaka ny saina izao tontolo izao. . . . Hisy fiovana lehibe hitranga tsy ho ela intsony eto amin'ity izao tontolo izao misy antsika ity, ary ho haingana dia haingana ireo fihetsehana farany ireo" ( *Any Am-parany Any, p. 7).*

Tsy misy fotoana intsony hanemorana izany na hanaovana laharam-pahamehana hafa. Satana dia miezaka hihazona antsika ho sahiran-dava sy be zavatra sahanina, ho be rarin-tsaina, ho variana, hany ka tsy miomana isika na manaisotra izany tsy ho anaty fandaharam-potoana. Miantso anao ho vonona Andriamanitra anio!

## Ahoana No Fomba Hiomananao?

Ao amin'ny Matio 24; 25, Lioka 21 ary ny Marka 13, Jesosy dia miresaka momba ny famantarana sasantsasany ny amin'ny farany. Miresaka ady Izy, horohoron-tany, loza, areti-mandringana, sy ny sisa. Kanefa avy eo Izy dia milaza fa tsy mbola izany no farany, fa mbola fiandohan'ny fahoriana mialoha ny fiterahana izany ( Mat. 24:8 ). Midika izany fa hitombo hatrany hatrany hatramin'ny fara-tampony izy ireo. Rehefa izany dia hoy i Jesosy hoe: "Ary hotorina amin'izao tontolo izao ity filazantsaran'ny fanjakana ity ho vavolombelona amin'ny firenena rehetra, dia vao ho tonga ny farany." ( Mat. 24:14 ).

Indray mandeha aho dia nandre olona nivavaka hoe: "Tompo ô, enga anie ka ho voatory amin'izao tontolo izao ny filazantsara." Tsy afaka hanantena ny filazantsara ho voatory ho azy samirery ianao ! Nangataka ny fiangonany mba hanao izany i Jesosy, ary izaho sy ianao no fiangonana. Nomeny antsika ilay iraka lehibe ary tsy soso-kevitra izany, fa baiko( Matio 28:18-20 ).

"Ny fiangonana no fitaovana notendren'Andriamanitra hilaza ny famonjena amin'ny olona. Nalamina ho amin'ny fanompoana izy, ary ny hitondra ny filazantsara ho an'izao tontolo izao no asa nanirahana azy" ( *Vavolombelona Mahery, p. 11).*

Ao amin'ny Matio 24 sy 25, rehefa avy nanome an'ireo mpianatra ny famantarana ny andro farany Jesosy dia nilaza tamin'izy ireo koa ny fomba tokony hiomanana. Ary, toy ny mahazatra, dia nampianatra azy ireo tamin'ny alalan'ny fanoharana Izy. Tsy miomana ho amin'ny fihaviany amin'ny fiandrasana fotsiny ianao. Nanome ***fanoharana dimy*** ho azy ireo i Jesosy mba hanehoana ny fomba hiomanana: ny aviavy, ny mpanompo mahatoky/tsy mahatoky, ny virjina 10, ny talenta ary ny fitsarana.

## Ny Aviavy **(Mat. 24:32–35)**

Rehefa mahita ravina manaroka eny amin'ny hazo sy voninkazo mamony ianareo, dia fantatrareo fa efa akaiky ny lohataona. Ao amin'ny Lioka, i Jesosy dia miresaka momba ny aviavy izay nantenaina fa hamoa (13:6–10). Raha tsy izany dia ho kapaina izy. Ao amin'ny Matio 7:16 i Jesosy dia manizingizina fa ny voany no hahafantaranareo azy. Mba hahatonga anao ho vonona, dia hanao asa tsara mivoaka avy amin'ny fo tahaka ny an'Andriamanitra ianao.

## Ny Mpanompo Mahatoky/Tsy Mahatoky **(Mat. 24:45–51)**

Ao amin'io fanoharana io, ilay Tompo dia manome andraikitra mazava ho an'ny mpanompony. Rehefa miverina ny Tompony, ka hita fa miasa ilay mpanompo, dia sambatra sy ho voatahy izany mpanompo izany. Mahaliana anefa fa ny mpanompo izay tsy manao ny asa dia manomboka manararaotra ireo izay miasa. Rehefa tonga ny Tompony, dia voasazy io mpanompo ratsy fanahy mpanararotra io. Ny hoe vonona dia hita fa manao amim-pahavitrihana izay nolazain'ny tompony.

## Ireo Virijina 10 **(Mat. 25:1–13)**

Ny virijina tsirairay dia samy manana fanala sy fitondrana solika, ary antenaina fa hanana solika ampy haharitra mandritra ny alina. Nahoana? Mba hahatonga ny fanalany hirehitra. Nahoana izy ireo no mila fanala mirehitra? Mba handehanany eny amin'ny sampanan-dàlana rehetra hanazava ny làlana ho an'ireo olona nasaina ho amin'ny fampakaram-bady mba tsy hisy ho very ao anaty haizina. Ny hendry dia nanana ny fitondrana diloilo feno, ary manazava ny làlana izy ireo. Nahazo niditra tao amin'ny efitrano fampakaram-bady izy ireo. Ny adala kosa dia nanana diloilo tao amin'ny fanalany ihany, saingy nandritra ny alina dia lany ny solikany, ka tsy nisy tahiry. Tsy manana fahazavana àry izy ireo. Koa dia tsy navela hiditra. Nilaza i Jesosy fa isika no fahazavan'izao tontolo izao ( Mat. 5:14 ), ary tsy maintsy

mampamirapiratra ny fahazavantsika isika mba hahafahan'ny hafa mandray soa avy amin'izany koa. Ny hoe vonona dia feno solika amin'ny fatra na ambaratonga izay hahafahanao manazava ny làlana ho an'ny hafa manodidina anao.

## Ny Talenta (Mat. 25:14–30)

Ny Tompo dia manome talenta iray na mihoatra ho an'ny mpanompony tsirairay. Ny fitsapana na fizahan-totra eto dia tsy misy ifandraisany amin'ny isan'ny talenta azo, fa kosa amin'ny nampiasana azy. Ireo mpanompo nampiasa ny talentany dia nomena valisoa sy voatahy, ary nasaina niditra ao amin'ny fifalian'ny tompony. Ireo mpanompo izay tsy nampiasa ny talentany kosa dia voaroaka ho any amin'ny haizina. Ny hoe vonona izany eto dia mampiasa ny talenta nomen'Andriamanitra ho amin'ny fanompoana Azy.

## Ny Fitsarana (Mat. 25:31–46)

Tonga Jesosy ary manangona ny olona rehetra eo anatrehany. Navahany ho roa toko ny firenena, dia ny ondry eo ankavanany ary ny osy eo ankaviany. Hoy Izy tamin'ny ondry: "Avia hianareo, mandovà ny fanjakana, fa tao anaty fahasahiranana Aho, ka dia nikarakara Ahy hianareo". Ary hoy izy ireo: "Tsy mbola nahita anao tao anaty fahasahiranana izahay." Ary namaly Izy hoe: "Isaky ny manao izany ho an'ireo sahirana sy mijaly manodidina anareo ianareo, dia tena nanao izany tokoa ho Ahy." Ary avy eo dia hiteny amin'ny osy Izy manao hoe: Mialà amiko, fa efa sahirana sy nijaly Aho, nefa tsy mba nokarakarainareo". "Tompo ô, tsy mbola nahita Anao sahirana sy nijaly izahay." Inona no valiny? "Isaky ny tsy niraharaha ny manodidina anareo ianareo dia tsy niraharaha Ahy mihitsy." Ny hoe vonona izany eto dia manompo, mikarakara ara-batana sy ara-panahy ny manodidina antsika.

### Manàna fifandraisana amin'ny Tompo, ary mandehana !

Ao amin'ireo fanoharana dimy rehetra ireo, ny hoe vonona dia manompo amim-pahavitrihana, hita fa miasa, manao izay nasain'ny Tompo hataonao. Jesosy dia naniraka anao hitia sy hikarakara, hanompo sy hamonjy, hamoa sy ho fahazavana. Ary tsy afaka miandry ny hahatongavan'ny fotoan-tsarotra ianao, fa anio ianao no tsy maintsy manompo. Ary tsy afaka miandry ny hafa ho tonga any aminao ianao mba hianatra momba ny filazantsara. Hoy i Jesosy hoe: "Mandehana any amin'izao tontolo izao, ka mitoria ny filazantsara, dia homba anareo Aho." ( Matio 28:18–20 ).

"Ny mpanara-dia an'i Jesosy tsirairay dia manana asa atao amin'ny maha-misionera ho an'i Kristy azy, eo amin'ny fianakaviana, eo amin'ny mpifanolo-bodirindrina, na eo amin'ny tanàna madinika na tanàn-dehibe misy azy. Ireo rehetra nanolo-tena ho an'Andriamanitra dia fantson'ny fahazavana. Andriamanitra dia manao azy ireo ho

fitaovan'ny fahamarinana mba hampitana amin'ny hafa ny fahazavan'ny fahamarinana" (*Testimonies for the Church, vol. 2, p. 632*).

Tsy afaka manao izany asa izany amin'ny herin'ny tenanao samirery anefa ianao, fa Andriamanitra kosa dia nampanantena ny homba anao. Raha ny marina dia tsy afaka manao na inona na inona ianao raha tsy miaraka Aminy. Jesosy dia nilaza fa raha misaraka Aminy isika dia tsy afaka manao na inona na inona (Jaona 15:5) fa raha mitoetra ho tafaray Aminy hatrany isika dia hamoa be.

"Ilaintsika ny hibanjina mandrakariva an'i Jesosy ka hahatsapa fa ny heriny ihany no hahavitana ny asa. Raha hiasa amin-kafanam-po ho amin'ny famonjena ny very isika, dia tsy maintsy manokana fotoana koa hadinihan-tena, hivavahana ary hianarana ny Tenin'Andriamanitra. Ny asa atao amim-pivavahana betsaka ihany, sy nohamasinin'ny fahamendrehan'i Kristy, no hita amin'ny farany fa nahomby sy nahavokatra indrindra (*Ilay Fitiavana Mandresy, p. 383).*

Mba hamokarana voa dia mila ny Fanahy Masina ianao, satria vokatry ny Fanahy izany. Mba ho fanazavana dia mila solika ianao, ka tsy maintsy ho feno ny Fanahy ihany koa. Ny fanoharana rehetra dia manondro fa tsy maintsy miankina amin' Andriamanitra ianao, tsy afaka manao izany asa izany samirery. Tsy maintsy mifandray Aminy ianao, feno ny fanatrehany. Noho izany dia tena ilaina àry ny mivavaka. Ny hoe vonona dia mivavaka sy manompo.

# Lohahevitra ho amin'ny Sabata sy Soso-kevitra momba ny Fandaharana Vavaka

## Torolàlana ho an'ny Mpitarika

• **Hevitra ho an'ny Fandaharam-potoana Sabata Maraina**: Asao sy entano ny mambra mba hanao izany ho andro fiaraha-mivavaka miavaka sy hifantoka amin'ny asa fanompoana ary ny asa fitoriana.

• **Ny toriteny** dia tokony hifantoka amin'ny Iraka Lehibe. Tokony hanantitrantitra ny antson'Andriamanitra ho an'ny fiangonana hanatratra izao tontolo izao izany. Tokony haneho ny hasarobidin'ny fanahy eo amin'ny fahazavan'ny hazo fijaliana izany, sy ny antso ho an'ny tsirairay mba hampiasa ny fanomezam-pahasoavana nomen'Andriamanitra sy hanatratra ny mpiara-belona. Tokony hampirisihina hivavaka sy hieritreritra ny amin'ny fomba hanatonana ny manodidina azy sy ny fiaraha-monina ny mambra.

• **Tantara ho an'ny Ankizy**: Asongadino ny maha zava-dehibe ny vavaka sy ny fanompoana.

• **Fandaharam-potoan'ny vavaka amin'ny tolakandro**: Aoka hivory miaraka ny fiangonana manontolo, na isan-tarika any amin'ny efitrano mampahazo aina, na ao an-tranon'olona. Raha tsy azo atao ny mihaona mivantana dia azonao atao ny mampiasa ***video*** toy ny ***Zoom*** na mihaona amin'ny telefaonina na sehatra hafa.

• **Fotoam-bavaka**: Alohan'ny hanombohan'ny fotoam-bavaka dia zarao amin'ny vondrona ireo hevitra etsy ambony sy ireo andalan-tSoratra Masina ary teny notsongaina avy tamin'ny Fanahin'ny Faminaniana. Manàna andinin-teny vitsivitsy ao amin'ny Baiboly manasongadina ny andraikitsika amin'ireo manodidina antsika, ny antson'Andriamanitra ho tia sy hamonjy antsika, ary ny teny fikasan'Andriamanitra fa homba antsika. Vakio miaraka amin'ny tarika na miaraka amin'ny fiangonana manontolo ireo andinin-teny. Miaraha-mivavaka mikasika azy ireny.

**Manaova antso amin'ny fiangonana ho amin'ny fanoloran-tena mazava amin'ny fanompoana.**

## Soso-kevitra ho amin'ny fanomanana ny Andro Fiaraha-mivavaka:

• Manoro hevitra izahay mba handaminana adiny roa farafahakeliny ho an'ny fandaharam-bavaka tolakandro. Mety hahafinaritra ny sasany ny miara-mivavaka mandritra ny tolakandro manontolo.

• Ny ankamaroan'ny fotoana dia ho laniana amin'ny vavaka iombonana, fa raha ampy ny fotoana, dia mety ho zaraina ho vondrona kely kokoa ho an'ny fangatahana antom-bavaka manokana. Manàna andinin-teny vitsivitsy ao amin'ny Baiboly sy teny vitsivitsy izay manasongadina ny fiantsoana antsika ho amin'ny fanompoana. Asaivo mamaky izany izy ireo ary mifanakalo hevitra momba izany. Avereno hitambatra indray ny vondrona mba hamarana amin'ny fotoana fisaorana.

• **Fiaraha-mivavaky ny Ankizy**: Aoka hisy toerana atokana ho an'ny ankizy madinika ary manendre olona iray hiambina azy ireo mandritra ny fotoam-bavaka. Afaka ampahafantarina ny ankizy koa ny hevitra tsotra momba an'Andriamanitra sy ny vavaka tsotra mandritra ny "fotoana filalaovana".

• Asao ny namana sy ny fianakaviana.

• Ataovy vonona ny zava-drehetra amin'ny fotoam-bavaka. Omano mialoha ny hira.

• Manaova sakafo hariva manokana sy fotoana fijoroana ho vavolombelona amin'ny takariva. Angataho ny mpandray anjara hitondra sakafo maivana na lovia kely. Ny fizarana sakafo sy resaka am-pirahalahiana aorian'ny vavaka dia manampy amin'ny fananganana toe-tsain'ny fiombonana .

• Avelao ny Fanahy Masina hitarika ny drafitrao.